






# NY FANEKENA SY NY MARI-DRAFITRY NY TABERNAKELY

Lesona 10 hatao ny 6 Septambra, 2025



"Dia tonga Mosesy ka nanambara tamin'ny olona ny teny rehetra izay nataon'i Jehovah sy ny fitsipika rehetra. Ary namaly indray miredona ny olona rehetra ka nanao hoe: 'Ny teny rehetra izay nolazain'i Jehovah dia hataonay' " Eksodosy 24:3

Rehefa avy nanambara tamin'ny fomba makotroka ny Didy Folo sy nanome an'i Mosesy ireo fitsipika fototra Andriamanitra, dia nanapikasaa hanao fanekena amin'ny Isiraely Izy.

Tsotra ny fanekena: Izaho ho Andriamanitrao, hiaro sy hitahy anao; hianao kosa hankato ny lalàko.

Rehefa voasoratra tamin'ny horonam-boky ny fanekena, dia tsy maintsy nandany azy ny roa tonta. Nanaiky ny vahoaka, tamin'ny filazana fa hitandrina izay rehetra voasoratra ao. Ahoana no nankatoavan'Andriamanitra azy? Tamin'ny alalan'ny rà; sy andro firavoravoana; ary modely iray izay hanampy azy ireo hahazo tsara ny fanekena.






**Ny Fanekena:**

- Ny Ran'ny Fanekena (Eksodosy 24:1-6, 8)
- Ny Fanatanterahana ny Fanekena (Eksodosy 24:7)
- Ny Sakafo Mitam-pihavanana (Eksodosy 24:9-18)

**Ilay Modely:**

- Ny Tanjon'ilay Modely (Eksodosy 25:1-9)
- Ny Fanomanana an'ilay Modely (Eksodosy 31:1-18)






# NY FANEKENA

# NY RAN'NY FANEKENA

Ary nalain'i Mosesy ny rà ka natopiny tamin'ny olona, dia hoy izy: 'Indro ny ran'ny fanekena izay nataon'i Jehovah taminareo ny amin'izany teny rehetra izany.' " (Eksodosy 24:8)

Fomba ahoana no nanorenana ny fanekena?





1. Novakiana ny fanekena (Eks. 24:3a)
2. Nanaiky ny vahoaka (Eks. 24:3b)
3. Notanana an-tsoratra izy (Eks. 24:4a)
4. Naorina ny alitara (Eks. 24:4b)
5. Naorina ny tsangam-bato 12 (Eks. 24:4c)
6. Nentina ny fanatitra dorana (Eks. 24:5)
7. Nafafy teo amin'ny alitara ny antsasaky ny rà (Eks. 24:6)
8. Novakiana indray ny fanekena (Eks. 24:7a)
9. Nanaiky indray ny vahoaka (Eks. 24:7b)
10. Nafafy tamin'ny olona ny antsasaky ny rà sisa (Eks. 24:8a)
11. Nambaran'i Mosesy fa "ran'ny fanekena" izany (Eks. 24:8b; Mat. 26:28)
12. Sakafo no natao hanamafisana ny fanekena (Eks. 24:9-11)




Nanaiky ny Isiraely ho vahoaka Andriamanitra (andry 12); nomeny tombony manokana ny tanora; ary ho an'ny olona tsirairay avy ny fanekena nataony (ny rany nafafy tamin'izy ireo).

Maniry fifandraisana amintsika tsirairay Andriamanitra sy amin'ny maha-fiangonan'ny mpino antsika.

# NY FANATANTERAHANA NY FANEKENA


"Dia naka ny bokin'ny fanekena izy ka namaky teny teo anatrehan'ny olona. Ary hoy ny olona: 'Izay rehetra nolazain'i Jehovah dia hataonay sy hekenay.' " (Eksodosy 24:7)



Tamin'ny fony tokoa no naneken'ny olona fa hitandrina ny fanekena izy ireo. Tsy naharitra ela anefa io fanekena io (Eks. 32:8).

Nianiana fa hitandrina ny fanekena koa ny taranaka manaraka (Jos. 24:18b). Saingy, nampitandrina azy ireo tsara i Josoa hoe: "Tsy mahay manompo an'i Jehovah ianareo." (Jos. 24:19).

Inona no mahatonga antsika tsy hankatò an'Andriamanitra, na dia manana fikasana tsara aza isika?



Amin'ny maha-olombelona antsika dia tsy mpankatò isika (Rom. 7:18), ary tsy misy na inona na inona azontsika atao hanovana ny fironantsika (Rom. 7:24).






Fa raha mamela Azy isika, dia afaka manova ny toetrantsika Andriamanitra (Ezek. 36:26-27). Manadio Izy, manaisotra, manome, ary manorina antsika mba hahafahantsika mankatò Azy. Izy irery ihany no mahay mampahatanjaka antsika (2 Kor. 12:10).

# NY SAKAFO MITAM-PIHAVANANA

"Dia niakatra Mosesy sy Arona sy Nadaba sy Abiho ary fito-polo lahy tamin'ny loholon'ny Isiraely; [...] dia nahita an'Andriamanitra izy ireo, ary nihinana sy nisotro" (Eksodosy 24:9, 11b)



**Tahaka ny ohatra hitantsika asehon'i Jakoba sy Labana, dia fiaraha-misakafo no fanamafisana ny fanekena tany amin'iny faritra Antsinanana fahiny iny (Gen. 31:44 54).**



**Nanolotra "sakafo mitam-pihavanana" ho an'ny olona 74 Andriamanitra tao Sinay: Mosesy, Arona, Nadaba, Abiho, ary loholona 70, izay nisolo tena ny vahoaka rehetra (Eks. 24:9-11).**

**Rehefa nanao ny fanekena vaovao i Jesosy, dia nanao toy izany koa Izy rehefa niara-nisakafo tamin'ny apostoly 12. (Mat. 26:26-28).**


**Isaky ny mandray ny Fanasan'ny Tompo isika dia manavao ny fanekentsika amin'Andriamanitra. Amin'ny fihinanana ny mofo sy ny divay no ankalazantsika ny famelan-keloka sy ny famonjena ananantsika ao amin'i Jesosy (1 Kor. 11:26).**



**Na dia teo aza ny fandavan'i Nadaba, sy i Abiho, ary i Jodasy ny famonjena, dia tsy voailika tamin'io "sakafo mitam-pihavanana" io izy ireo.**



# ILAY MODELY



# NY TANJON’ILAY MODELY

*“Ary asaovy manao fitoerana masina ho Ahy izy, dia honina eo aminy Aho”* (Eksodosy 25:8)





Ho antoka fa hanatanteraka ny anjarany amin’ny fanekena Izy, dia nanapa-kevitra ny hitoetra eo anivon’ny vahoakany Andriamanitra. Saingy midika ho fahafatesana eo no ho eo ho an'ny rehetra ny fanatrehan'Andriamanitra ara-batana (Eks. 33:20). Noho izany, dia nandidy azy ireo Izy mba hanorina fitoerana masina izay ahafahany maneho ny fanatrehany. Izany fanatrehana izany dia naseho tamin’ny alalan’ny tandindona, satria Andriamanitra dia tsy mitoetra ara-batana amin’ny tempoly ety an-tany (Asa 17:24 ).Naseho an’i Mosesy ilay modely ary nomena toromarika manokana momba ny fanamboarana azy izy. Nasaina nanome ny fitaovana ilaina ny olona (Eks. 25:2-7).



Na ny fitoerana masina na ny tempoly naorin’i Solomona dia samy modely avy amin’ny fitoerana masina naorina any an-danitra (Heb. 8:1-2; 1 Mpanjaka . 8:27, 30).

Rehefa miditra ao amin’ny fitoerana masina ny Isiraelita iray, dia miditra—ara-tandindona—eo anatrehan’Andriamanitra mihitsy... mandrapaha-triatra ny efitra lamba tamin'ny nahafatesan'i Jesosy.



# NY FANOMANANA AN'ILAY MODELY

"Indro, efa notononiko anarana Bezalila, zanak'i Ory, zanak'i Hora, avy amin'ny firenen'i Joda; ary efa nofenoiko fanahin'Andriamanitra izy, dia fahendrena sy fahiratan-tsaina sy fahalalana ny amin'ny tao-zavatra samy hafa" (Eksodosy 31:2-3)








Na dia nomen'Andriamanitra toromarika an-tsipiriany momba ny fanorenana aza i Mosesy, dia tsy nolazainy taminy ny tsipirian'ny zavatra rehetra. Ahoana no tokony ho endriky ny tavy varahina, ny kerobima, ny hamaman'ny mpisorona, sns? Nahatonga fahafaha-miasa ho an'ny Fanahy Masina amin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavana ho an'ny mpanao trano izany.

Nanome fanomezana manokana ny Fanahy Masina ho an'ireo an-tsipiriany ireo:

- Bezalila, no mitarika ny tetikasa manontolo (Eks. 31:2)
- Oholiaba, no lehiben'ny mpanampy azy (Eks. 31:6a)
- Olona hafa hanampy amin'ny asa (Eks. 31:6b)



Ao anivon'ny toromarika momba ny fanorenana ny fitoerana masina dia misy firesahana manokana momba ny Sabata. (Eks. 31:12-17). Inona no ifandraisan'ny Sabata amin'izany rehetra izany?

Ny fahamasinana no fanalahidy. Tsy maintsy masina toa Azy isika rehefa hanatona an'Andriamanitra Masina. Ny Sabata no famantarana an'izany fahamasinana izany (Eks. 31:13; Ezek. 20:12, 20).

“Tamin’ny nanorenana ny fitoerana masina ho fonenan’Andriamanitra, dia nomena baiko hanao ny zavatra rehetra ho araka ny endriky ny zavatra any an-danitra i Mosesy. Nantsoin'Andriamanitra ho ao an-tendrombohitra izy mba hanehoany aminy ny zavatra any an-danitra; koa naorina hitovy aminy ny tabernakely, sy ireo zavatra rehetra ao aminy.

Koa ho an’ny Isiraely izay niriny ho fonenany, no nanehoany ny toetrany izay idealy sady be voninahitra. [...] Saingy io idealy io, amin'izao fotsiny dia tsy manan-kery hanatrarana azy. Ny fanambarana tao Sinay dia tsy afaka manao na inona na inona afa-tsy ny nampiaiky azy ireo ny filany sy ny fahalemeny.”

EGW (Education, p. 35-36)